

**ANDRO FIFADIAN-KANINA SY FIVAVAHANA – SABATA 3 OKTOBRA 2015**

**NY SARIN'I JESOSY AO AMIN'NY APOKALIPSY – TAPANY FAHA TELO  
JESOSY, ILAY MPANJAKA BE VONINAHITRA**

**Vakiteny fototra:** Apokalipsy 19 11 – 16

**Lohahevitra:** Iza ilay vavolombelona mahatoky sy marina izay mitarika ny tafiky ny lanitra?

**Fanampiny:** Jesosy, Ilay Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Tompon'ny Tompo.

**Hevitra araka ny fandinihana ny hevi-tsoratra:** ilay vavolombelona mahatoky sy Marina izay mitarika ny tafiky ny lanitra dia tsy iza fa Jesosy, ilay Mpanjakan'ny Mpanjaka sy Tompon'ny Tompo.

**Hevitra arak any fandinihana ara-homiletika:** raha tia an'i Jesosy ianao ankehitriny, dia hitsena Azy amim-pifaliana amin'ny fiverenany indray tahaka ny Mpanjaka be voninahitra.

**Tanjona:** mampatsiahy ireo mpihaino ny amin'ilay fahamarinana mahafinaritra izay milaza ny amin'ny fiverenan'i Jesosy amin'ny maha-Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo Azy ary hampahery an'ireto mpihaino ireto mba ho tia Azy dieny izao mba ahafahan'izy ireo hitsena Azy amim-pifaliana rehefa tonga ilay fotoana hiverenany amin'ny maha-Mpanjaka be voninahitra Azy.

**JESOSY, ILAY MPANJAKA BE VONINAHITRA**

**FAMPIDIRIANA**

Ity hafatra ity no dingana farany amin'ny famakafakana ataontsika mikasika ilay hoe “NY SARIN'I JESOSY” ao amin'ny bokin'ny Apokalipsy.

Efa hitantsika fa ny bokin'ny Apokalipsy dia fanambaran'i Jesosy Kristy. Izany dia fanambarana nataon'i Jesosy Kristy tamin'i Jaona mpanompony mikasika ireo zavatra tsy maintsy hitranga tsy ho ela. Ary izany ihany koa dia fanambarana ny mikasika an'i Jesosy Kristy.

Hitantsika tao anatin'izao fampianarana mitohitohy izao ireo sarin'i Jesosy samy hafa ao amin'ny bokin'ny Apokalipsy: Jesosy, Ilay Kristy zaza; Jesosy, Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty, ary anio, amin'ity Sabata fifandian-kanina sy fanaovana fotoam-bavaka ity, araka ny toromarika 111, dia handinika ny sarin'i Jesosy amin'ny maha-Mpanjaka be voninahitra Azy isika – “JESOSY, ILAY MPANJAKA BE VONINAHITRA!”

Handeha ataontsika topy maso fohy fohy ny voalazan'ireo boky hafa ao amin'ny Baiboly mikasika ny fiverenan'i Jesosy amin'ny maha-Mpanjaka be voninahitra Azy mialoha ny hamakivakintsika ny bokin'ny Apokalipsy.

**FAMARIPARITANA NY FIVERENAN'I JESOSY AO AMIN'IREO BOKY Hafa AO AMIN'NY BAIBOLY**

Nandritra ny fandalovany teto an-tany, 2000 taona lasa izay, dia nanao teny fikasana mafy orina ho an'ireo olona izay manaraka Azy i Jesosy. Hitantsika voarakitra ao amin'ny Jaona 14:2–3 izany teny fikasana izany:

*“Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro; raha tsy izany, dia efa nilaza taminareo Aho; fa handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary raha handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho, dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa.”*

Ambaran'ireo Kristianina nandritra ny taona maro nifandimby fa ny fiavian'i Jesosy fanindroany io fiverenan'i Jesosy Kristy amim-boninahitra eto an-tany io.

Taorian'ny nahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazo fijaliana noho ny fahotantsika sy ny fitsanganany tamin'ny maty, izay be voninahitra, dia ambaran'ny Soratra Masina fa niakatra nankany an-danitra i Jesosy, ho any an-tranon'ny Rainy.

## **ANDRO FIFADIAN-KANINA SY FIVAVAHANA – SABATA 3 OKTOBRA 2015**

Hitantsika ao amin'ny Asa. 1:9–11 izany trangan-javatra izany:

*“Ary rehefa nilaza izany Jesosy, dia nakarina Izy, raha mbola nijery izy ireo; ary nisy rahona nitondra Azy, ka tsy hitan'ny masonry intsony Izy. Ary raha mbola nandinika ny lanitra izy ireo tamin'ny nandehanan'i Jesosy, indreo, nisy roa lahy teo anilany niakanjo akanjo fotsy, izay nanao hoe: Ry lehilahy Galiliana, nahoana no mijanona eto mijery ny lanitra hianareo? Iny Jesosy Izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra.”*

Mbola hitantsika hatrany eto fa omen'ireo mpitondra hafatra avy any an-danitra an'ireo olona izay manara-dia an'i Jesosy ny teny fikasana ny amin'ny fiaviany fanindroany: *“Iny Jesosy Izay nampiakarina niala taminareo ho any an-danitra iny dia mbola ho avy tahaka ny nahitanareo Azy niakatra ho any an-danitra”.*

Ambaran'i Jesosy ao amin'ny Mat. 24:30–31 araka ireto teny ireto ny amin'ny fiaviany fanindroany eto ami'ity tany ity: *“Ary amin'izany andro izany dia hiseho eo amin'ny lanitra ny famantarana ny Zanak'olona, ka dia hitomany ny firenena rehetra ambonin'ny tany, ary hahita ny Zanak'olona avy amin-kery sy voninahitra lehibe eo amin'ny rahon'ny lanitra izy. Ary amin'ny ampanenoana mafy ny trompetra dia haniraka ny anjeliny Izy, ary hangonin'ireo ny olom-boafidy avy amin'ny vazan-tany efatra hatramin'ny faravodilanitra rehetra.”*

Io fanambarana ataon'i Jesosy io dia manazava fa tsy hitovy tamin'ny fiaviany voalohany, izay tamin'ny endriky ny zazakely tsy maharo-tena tao an-tranon'omby tany Betlehema, izany fiverenany eto amin'ity tany ity izany.

Hiverina *“amin-kery sy voninahitra lehibe eo amin'ny rahon'ny lanitra”* i Jesosy.

Hatrany hatrany dia toe-javatra hitranga tena tsara no nahitana ny fiverenan'i Jesosy, Ilay Mpanjakantsika be voninahitra, toe-javatra izay ampoizina fa tsy maintsy hitranga.

Vakintsika ao amin'ny 1 Tes. 4:16-17:

*“Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin i Kristy no hitsangana aloha; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina*

## **ANDRO FIFADIAN-KANINA SY FIVAVAHANA – SABATA 3 OKTOBRA 2015**

*hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika.”*

Ireo maty ao amin'i Kristy dia hatsangana ho velona indray amin'ny fiavian'i Jesosy fanindroany! Renareo ve izany?

*“...izay maty ao amin'ny Kristy no hitsangana aloha; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika.”*

Fihaonana mahatalanjona tahaka ny ahoana re izany e! Firy aminareo, izay namoy olo-malala na namana, izay nodimandry tao amin'ny Tompo, no efa tsy mahandry ny hahatongavan'izany andro izany? Fotoam-piravoravoana hanao ahaona re izany andro izany? Afaka miteny hoe “Amena” ve isika?

Araka izany, rehefa mieritreritra ny fiavian'i Jesosy fanindroany isika, dia fotoan-dehibe tena mahafinaritra tokoa io fotoana io. Hifanatri-tava amin'i Jesosy isika!

Hitsangana ho velona indray ireo maty tao amin'i Kristy. Efa tsy andrintsika tokoa ny fiverenan'i Jesosy amin-kery sy voninahitra. Sa tsy izany?

### **FANEHOANA NY FIVERENAN'I JESOSY AO AMIN'NY APOKALIPSY – APOK. 19:11–16.**

Ny bokin'ny Apokalipsy dia maneho an-tsary ihany koa an'i Jesosy, Mpanjaka be voninahitra miverina eto an-tany, saingy tsy mba sary mitondra fifaliana izany. Endrika iray hafa eo amin'ny tantara no asehony. Handinika izany sary izany isika anio.

Ny vakiteny fototra hodinihintsika anio dia hitantsika ao amin'ny faramparany amin'ny bokin'ny Apokalipsy, ao amin'ny Apok. 19:11–16. Io ilay sarin'i Jesosy, Ilay Mpanjaka be voninahitra.

#### APOKALIPSY 19 : 11

Sokafy ny Baibolainao, ao amin'ny boky farany ao amin'ny Testamenta Vaovao, izay fanambaran'i Jesosy Kristy, ka hovakintsika ny Apok. 19:11:

*“Ary nahita ny lanitra voasokatra aho, ka, indro, nisy soavaly fotsy; ary Izay nitaingina azy dia atao hoe Mahatoky sy Marina, ary amin'ny fahamarinana no itsarany sy iadiany.”*

## **ANDRO FIFADIAN-KANINA SY FIVAVAHANA – SABATA 3 OKTOBRA 2015**

Iza ilay mitaingina soavaly fotsy? Tsy iza io fa i Jesosy, Ilay Vavolombelona Mahatoky, Izay mijoro eo anivon'ireo fiangonana fito ao amin'ny Apokalipsy 2 sy 3.

### APOKALIPSY 19:12, 16

Tohizan'i Jaona ny fanehoany izany sarin'i Jesosy izany eo amin'ny andininy faha-12:

*“Ary ny masonry dia lelafo, ary tamin'ny lohany nisy diadema maro; ary lzy manana anarana voasoratra, izay tsy misy mahalala akory afa-tsy ny tenany ihany”*

Ireo teny ireo dia mampahatsiahy antsika ny sarin'i Jesosy, Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty, izay hita ao amin'ny Apokalipsy 1. Ao amin'io toko io i Jesosy, Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty, dia aseho ho manana maso tahaka ny lelafo.

Inona ny hevitra fonosin'ilay teny hoe misy diadema maro eo amin'ny lohany? Diadema iray ve tsy efa ampy? Ary inona ilay anarana voasoratra eo Aminy, izay tsy misy mahalala afa-tsy izy tenany ihany?

Angamba mety hita ao amin'ny Apok. 19:16 ny valin'izany:

*“Ary manana anarana voasoratra amin'ny lambany sy ny feny lzy nanao hoe: MPANJAKAN'NY MPANJAKA SY TOMPON'NY TOMPO.”*

Izany no hevitra fonosin'ireo diadema maro ireo.

Tsy hoe Mpanjaka fotsiny i Jesosy, fa Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo lzy!

### APOKALIPSY 19:13

Dia hoy i Jaona manohy izany ao amin'ny andininy 13:

*“Ary miakanjo akanjo voafafy ra lzy; ary ny anarany atao hoe Ny Tenin'Andriamanitra.”*

Izany dia mampahatsiahy antsika ny sarin'i Jesosy, Ilay Zanak'ondrin'Antriamanitra, ao amin'ny Apokalipsy 5. Io ihany Ilay Jesosy Izay miseho ankehitriny eo amin'ny sehatry ny tantara, dia Ilay Jesosy Mpanjaka be voninahitra.

### APOKALIPSY 19:14

Izao no vakin'ny teny ao amin'ny andininy 14:

*“Ary ny antokon'ny miaramila any an-danitra dia nanaraka Ary, samy nitaingina soavaly fotsy sy niakanjo rongony madinika sady fotsy no madio”*

Mitaingina soavaly fotsy ihany koa ny tafiky ny lanitra, tahaka an'i Jesosy Kaomandin'izy ireo, Ilay Mpanjaka be voninahitra. Fitsangantsanganana, fanalana havizanana, ve izany fitaingenana soavaly izany? Tsia.

## **ANDRO FIFADIAN-KANINA SY FIVAVAHANA – SABATA 3 OKTOBRA 2015**

Sary maneho ady efa antomotra izany.

Inona ny hevitra raketin'ilay hoe akanjo rongony mandinika, sady fotsy no madio, izay nanaovan'ireo miaramilan'ny lanitra?

Io dia sary an'ohatra enti-maneho ny fahamarinana.

Voalaza any amin'ny voalohandoany ao amin'io toko io fa ireo voavotra ihany koa dia manao akanjo rongony madinika, fotsy sady madio.

Vakintsika ao amin'ny Apok. 19:7–8:

*“Aoka isika hifaly sy ho ravoravo ka hanome voninahitra Azy; fa tonga ny fampakaram-badin'ny Zanak'ondry. Ka efa niomana ny vadiny. Ary nasaina nitafy rongony fotsy madinika sady madio no mangatsakatsaka izy; fa izany rongony fotsy madinika izany dia ny asa marina ataon'ny olona masina.”*

Koa ankehitriny, mialoha ny andraisantsika tsoa-kevitra diso, ka hilazantsika fa isika ihany no mamokatra io akanjo rongony madinika io amin'ny alalan'ny asa tsara ataontsika, dia miangavy antsika aho, azafady mba mariho tsara fa *“io rongony fotsy madinika, izay manjelanjelatra sy madio, io”* dia nomena an'ilay vehivavy, vadiny, mba hanaovany.

Natokana ho an'ireo voavotr'i Jesosy io fahamarinana io, ary miseho eo amin'ny fiainan'izy ireo amin'ny alalan'ny asa marina ataony izany.

### APOKALIPSY 19:15

Eo amin'ny andininy 15:

*“Ary misy sabatra maranitra mivoaka avy amin'ny vavany mba hamelezany ny firenena; ary lzy hanapaka azy amin'ny tehim-by; ary lzy no manitsaka ny famiazana ny divain'ny firehetan'ny fahatezeran'Andriamanitra Tsitoha.”*

Miverina eto an-tany i Jesosy sy ny miaramilany, ary hisy sabatra maranitra hivoaka avy eo am-bavany mba hamelezany ny firenena.

Tsy mba sary manintona raha izany sary izany, sa tsy izany?

Moa ve sabatra mivoaka avy ao am-bava ara-bakiteny izany? Tena mitaingina soavaly marina tokoa ve i Jesosy sy ireo miaramilan'ny lanitra? Sary an'ohatra ihany izany.

Sary enti-maneho ny fiafaran'ny ady ara-panahy izany; ady ifanaovan'ny tsara sy ny ratsy.

## **ANDRO FIFADIAN-KANINA SY FIVAVAHANA – SABATA 3 OKTOBRA 2015**

Eo an-dalam-pamaranana ny tantaran'ilay hery mifanandrina i Jesosy sy ny miaramilan'ny lanitra.

Inona àry io sabatra maranitra izay mivoaka avy ao am-bavan'i Jesosy io? Tsy inona io fa ny Tenin'Andriamanitra; ny sabatry ny Fanahy. Io no fahamarinan'Andriamanitra.

Nofafan'ireo firenena eto an-tany ny anarany. Tsy noraharahin'izy ireo ny famindrampony ary nolavin'izy ireo ny fahasoavany. Ary ankehitriny, tonga ny fotoam-pitsarana.

Voarakitra ao amin'ny toko faha-6 ao amin'ny bokin'ny Apokalipsy ny valin-tenin'ireo olona nandà an'i Kristy amin'ny fotoana hiverenany indray eto an-tany amin'ny maha-Mpanjakan'ny mpanjaka be voninahitra sy Tompon'ny tompo Azy – Apok. 6:14–17.

Tena sary hafa mihitsy izany, tsy mitovy amin'izay noeritreretintsika hatramin'izay ny amin'ny fiavian'i Jesosy fanindroany, fotoana izay hiandrasantsika amim-pifaliana an'i Jesosy, Ilay Mpanjakantsika be voninahitra, miverina amin-kery sy voninahitra lehibe.

Angamba efa nalaintsika sary an-tsaina hatramin'izay izany hoe mijery amim-pifaliana sy mihorakoraka manao hoe : *“Indro ny Andriamanitray. Efa niandry Azy hatry ny ela izahay, ary lzy hamonjy anay. Indro ny Tompo, handeha isika hifaly ary mifalia noho ny amin'ny famonjeny.”*

Araka izany, inona àry izany ny zavatra hafa ao anatin'izany?

Fa nahoana no misy olona mijery sy miandrindra amim-pifaliana ary nahoana no misy olona mandeha mandositra amin-tahotra?

Fa nahoana ny voninahitry ny Mpanjakantsika no lasa antom-pifaliana ho an'ny olona sasany ary lasa afo mandoro ho an'ny olona hafa?

Inona no mahatonga izany fahasamihafana izany?

### **Ny fifandraisantsika amin'i Jesosy!**

Raha toa isika ka nandray an'i Jesosy ho Mpamonjy ny tenantsika manokana, raha toa isika mino Azy ho Ilay Zanak'ondrin'Andriamanitra, raha toa isika matoky fa lzy no Ilay Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty, raha toa isika mankatò Azy fa lzy no Ilay Vavolombelona Mahatoky, amin'izay fotoana izay dia handray Azy ho Mpanjaka be voninahitra isika.

Fa raha toa kosa isika tsy niraharaha ny fahasoavany ary nandà ny fahefany, raha toa isika nihodina niala tamin'ny fahamarinany, amin'izay fotoana izay dia tsy afaka ny

## **ANDRO FIFADIAN-KANINA SY FIVAVAHANA – SABATA 3 OKTOBRA 2015**

hitsena Azy amim-pifaliana isika rehefa miverina eto amin'ity tany ity amin-kery sy voninahitra Izy.

Handositra amin-tahotra isika ary hitomany mba hianjeran'ny vatolampy amintsika.

### **FAMARANANA**

Ireo zavatra rehetra mitranga amin'izao vanim-potoana izao dia maneho fa tsy haharitra ela intsony ny fotoana hiandrasantsika mialoha ny hiverenan'i Jesosy, Ilay Mpanjakantsika be voninahitra, eto amin'ity tany ity, amin-kery sy voninahitra lehibe.

Ary izany dia midika fa manana asa hotanterahina isika.

Maro be ireo olona izay tsy mbola nandre ny fahamarinana mikasika an'i Jesosy. Tiantsika raha mba afaka hitsena an'i Jesosy amim-pifaliana izy ireo. Moa tsy izany ve? Nomen'Andriamanitra tombontsoa isika hizara ny vaovao mahafaly mikasika an'i Jesosy sy ny fitiavany amin'ity izao tontolo izao misy antsika ity.

Manana tombontsoa ny tsirairay avy amintsika hiresaka amin'ny olona hafa ny mikasika an'i Jesosy – milaza amin'izy ireny fa Izy no Ilay Mesia, Ilay Zanak'Ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao, milaza amin'izy ireny fa Izy no Ilay Tompo, izay nitsangana tamin'ny maty, ary tsy ho ela Izy dia hiverina eto amin'ity tany ity indray amin-kery sy voninahitra lehibe amin'ny maha-Mpanjakantsika be voninahitra Azy.

Tsy ho ela dia hiverina indray eto amin'ity tany ity i Jesosy, Ilay Mpanjakantsika be voninahitra. Hisy olona handray Azy amim-pifaliana, ary hisy olona hafa handositra Azy ao anatin'ny tahotra. Tokony horeshintsika amin'ny olona ny amin'ny fiverenan'i Jesosy ary tokony holazaintsika azy ireo ny fomba hahafahan'izy ireo mihaona Aminy amim-pifaliana.

Tsotra izany: “Raha tia an'i Jesosy ianao ankehitriny, dia hitsena Azy amim-pifaliana ianao rehefa miverina eto an-tany Izy amim'ny maha-Mpanjaka be voninahitra Azy.

Izy no Ilay Zanak'Ondrin'Andriamanitra manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao. Jesosy no anarany, satria Izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany. Kanefa mila manao safidy isika raha toa ka handray izany famonjeny izany. Mila manao misafidy ny ho tia Azy isika, Izy izay nitia antsika ary nanolotra ny tenany ho antsika.

Ry rahalahy sy anabavy, inona ny safidinao?

Aiza ny toerana tianao hisy anao amin'io andro io?



**ANDRO FIFADIAN-KANINA SY FIVAVAHANA – SABATA 3 OKTOBRA 2015**

Efa nanao ny anjarany i Jesosy ary manasa anao Izy mba hanao ny anjaranao amin'ity maraina ity!

Raha eo am-pandraisana fanapahan-kevitra ho fiomanana amin'izany fotoan-dehibe ho tonga tsy ho ela izany ianao, dia manasa anao aho mba hivavaka hiaraka amiko!